Misaona ny tontolo politika 2
**Nodimandry ny filohan'ny antoko DHD Hary Naivo Rasamoelina**

Noho ny ataon-dry Rajoelina 2
**Manakoako eran-tany ny laza ratsin'ny firenena**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Fetim-pirenena ho avy 3
**Misy ny manangana saina fotsy**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 8 jona 2023 Laharana 1442 Vidiny : 600 Ar


Kongresy nasionalin'ny TIM 2

## Olona 20.000 eo no handrasana eny amin'ny Magro Tanjombato




Miala Rajoelina 3

## Mitohy ny fanitsakitsahany lalampanorenana

# J - 93

Vehivavy TIM Analamanga 2

## Nanome fanampiana an'i Ninie Donia






Mpanolotsaina Kaominina Fianarantsoa 3

## Nogiazan'ny ben'ny tanàna tsy ara-drariny ny karamany



Festival des Rugbys 2023 5

**Hangotraka indray eny amin'ny kianja Makis**

Sarimihetsika 6


**Nivoaka omaly « Lemazoto 2 »**

Daka kely

Ho voadaka hivoaka eny amin'ny varavarankely ialahy ry Boaikely raha izao no mitohy a !

KONGRESY NASIONALIN'NY TIM

# Olona 20.000 eo no handrasana eny amin'ny Magro Tanjombato



*Ny fanamboarana ny Magro Tanjombato, handraisana ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM.*

Olona miisa 20.000 eo no handrasana ho tonga eny amin'ny Magro Tanjombato mandritra ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM, izay ho tanterahana ny 1 jolay ho avy izao. Io no anisan'ny nambaran' ny birao politika sy ireo depiote TIM nitafa tamin'ny mpanao gazety afak'omaly, birao politika sy depiote nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, ny mpikambana amin'ny birao politika Julien Andriamorasata, ny depiote isany : Fetra Ralambozafimbololona, Ramboasalama Emilien, Alain Ratsimbazafy ary ny depiote Gerry Randriambolaina. Nampahafantatra ny fanamboarana ny toerana handraisana izany kongresy nasionaly izany izy ireo, mizotra tsara ny asa anekehitriny, hatao mitafo ny toerana handraisana ireo mpizaika an'aliny avy amin'ny lafy valon'ny Nosy handray anjara amin'izany kongresy nasionaly izany. Fantatra ihany koa fa mbola hitohy ireo kongresim-paritra hatramin'ny voalohan'ny volana jolay io : ny faran'ny herinandro izao : ny 10, 11 ary 12 jona, ny kongresim-paritra any Fitovinany, hatao ao Manakara ; ny any Atsimo Atsinanana, hatao any Vangaindrano ; ny any Vatovavy hatao any Mananjary. Amin'ny herinandro ho avy kosa ny 15 sy ny 17 jona, no hatao ny kongresim-paritra any Amoron'i Mania sy Vakinankaratra, ary ny 24 jona no hatao ny kongresim-paritra any Alaotra Mangoro. Ireo faritra efa nahavita ny azy kosa dia efa samy nanambara, fa hanana solontena avokoa amin'io fihaonamben'ny TIM eto an-drenivohitra io. Fa ankoatra izany nandritra ny tafa tamin'ny mpanao gazety ny talata teo, nanambara ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro fa : «miantso ny fitondrana hamoaka ny datim-pifidianana ofisialy ny TIM, raha ao aminy tokoa ny fahavononana. Maro ireo olona miantso ny hirotsahan'ny filoha RAVALOMANANA ho kandida sy ny hiverenany indray eo amin'ny fitondrana ary tsy maintsy hisy ny fifidianana amin'ity taona ity. Koa miantso ny fitondram-panjakana hamoka ny "décret" sy ny daty mba hiomanan'ny vahoaka sy ny kandida, fa tsy terena ny olona hiditra anaty lisitra kanefa ny "convocation des électeurs" hatramin'izao tsy mivoaka.»

**Isambilo**

Vehivavy TIM Analamanga

# Nanome fanampiana an'i Ninie Donia



*Ny solontenan'ny TIM Nosy-Be, nitondra fanampiana ho an'i Ninie Donia, avy amin'ny Vehivavy TIM Analamanga.*

Nanome fanampiana an'i Ninie Donia ny Vehivavy TIM Analamanga tarihan'ny filohany, Arphine Rahelisoa omaly. Izany fanampiana izany dia nalefa tamin'ny alalan'ny Mobile Money any amin' ny filohan'ny Vehivavy TIM Nosy-Be faritra Diana, Ramatoa Marie Anne. Ny 20 mey lasa teo, nanao hetsika ho fitadiavam-bola ny Vehivavy TIM Analamanga, tetsy amin'ny Espace Dera Tsiadana hoentiny miasa, sy ho fanomanana ihany koa ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM, hatao ny 1 jolay ho avy izao. Nandritra io fotoana io, nanao téléthon na tsipaipaika ho fanampiana an'i Ninie Donia koa ireto andriambavilanitry ny antoko Tiako i Madagasikara ireto, ka naha voaangona 300.000 Ar nandritra izany, ka io no natolotra an'i Ninie Donia izao, izay migadra tsy ara-drariny noho ny resaka politika any amin'ny fonjan'i Nosy-Be. Araka ny nambaran'ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga ihany, mbola hitohy izao tolo-tanana ataon'izy ireo ho an'i Ninie izao.

**Isambilo**

Misaona ny tontolo politika Malagasy

# Nodimandry ny filohan'ny antoko DHD Hary Naivo Rasamoelina

Misaona ny tontolo politika Malagasy, nodimandry omaly maraina ny filoha nasionalin'ny antoko DHD Madagasikara, Harinaivo Rasamoelina. Andrasana eny Nanisana ny nofo mangatsiakany. Ny antoko politika nisy azy koa farany teo dia tao amin'ny fanoherana niaraka tamin'ny Vondrona Panorama. Nandalo tsy fahasalamana izy ary efa somary nihatsara ny fahasalamany, saingy izy izao nodimandry izao. Mitondra ny teny fampiononana feno ho an'ny ankohonany, ny havana akaiky azy, ny fianakaviana manontolo, ny mpikambana amin'ny antoko DHD Madagasikara ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Mandria am-piadanana Prezidà Harinaivo Rasamoelina.

**Stefa**


*Ny Prezidà Harinaivo Rasamoelina fahavelony.*

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Noho ny ataon-dry Rajoelina

## Manakoako eran-tany ny laza ratsin'ny firenena

Fantatra ary mazava, fa manakoako eran-tany ny laza ratsin'ny mpitondra fanjakana Rajoelina sy ny manodidina azy rehetra amin'izao fotoana. Ny tatsy amin'ny Nosy la Réunion ohatra dia ity saina fotsy mitsangana etsy sy eroa eto amintsika ity, noho ny tsy fahazotoana manangana ny fotsy, mena, maitso, no resaka miparitaka eny amin'ny samy tera-tany malagasy. Vao nandeha ilay fanehoana ilay mikiraviravy amin'ny sisin'ny saina iny tetsy amin'ny lapan'ny tanàna nilazana fa lokom-boasary, dia hoy ireo tany an-toerana nanao hoe : tsy matotra ry Rajoelina sy ny ekipany, tsy mahalala sy tsy mahatadidy ny loko mena fahiny tamin'ny andron-dRatsiraka. Tsy tokony io lokom-boasary io no arantiranty hanimbana saim-bahoaka, fa ny fahaiza-manao. Ry zareo avy any amerika indray dia nilaza fa mialohan'izao fifidianana izao, dia hita sy tsapa fa manao "Provocation ", mihantsy ady ny fitondrana Rajoelina sy ireo manodidina azy, porofon'izany ny jiro tapatapaka, ny rano tsy mandeha, ny vidin'entana misondrotra tsy miato, miandry hetsika sy fidinana an-dalambe, ka raha vao misahotaka dia tetezamita indray ho entin'ny ekipan-dRajoelina hatrany, ka mety hahatafaverina azy eo indray afaka 2 na 3 taona eo ho eo no ketrehany. Ry zareo avy any Frantsa moa dia tsy vitsy no niteny indrindra fa taorian'ny raharaha Fanirisoa Erinaivo, fa politika tsy manjary no misy eto, manao "medecin après la mort " ny fitondrana, sain-jaza amin'ny lafiny maro. Tsy mijery izay laharam-pahamehana, ary manao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana, nefa dia mandrora mitsilany hatrany.

Hatrizay toa tsy mba taitra tamin'ny fizarana moto sy bisikileta na fiarakodia ohatra, ka efa ao anaty fahasarotana amin'ny resaka solika vao mizarazara etsy sy eroa. Hita sy tsapa fa mody manome fanambatambazana indray mialohan'ny andro vitsivitsy ipetrahana eo, dia efa milaza ankolaka hoe : fidio aho. Ny sasany koa dia naneho fa fizarana galona ny fanondrotana grady izany, teo aminy sy ny tafika ohatra dia efa fiomanana ny hipetraka eo indray amin'ny fotoana manaraka. Ny vazaha nahazoampeo dia nilaza fa sekoseko any ivelany, fanaronana ny ratsy vita fotsiny ihany ireny, toy ny fananganana faritra faha-24 kasain-katao atsy ho atsy indray. Efa simba avokoa ireo kinasa tamin'ny velirano tsy ampiheverana, vao mihazakazaka etsy sy eroa manadio tena, ka nahavita nividy angidimby mihitsy ohatra. Tongotr'ila sisa no mihazona azy hoy ny rehetra, satria izay hilatsaka ho fidiana eo dia efa manambana sy manilika azy tanteraka mihitsy, aleo hoy ny feo avy any ivelany mamerina an-dRavalomanana eo indray, soa ho lavo hahay hamindra, soa kenda hahay hitsako, toy izay mbola hiaraka amin'i Boaikely mandrora mitsilany eo, ka ho loza manarapenitra hafakely eo indray no hitranga.

**Beharo**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Andry R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina

# Mitohy ny fanitsakitsahany lalampanorenana

Tena mihevitra ny tenany ho manana ny fahefana eo amin'ny sehatra rehetra Rajoelina Andry amin'izao 3 volana mahery kely sisa hipetrahany eo amin'ny seza fitantanana ity Firenena ity, na J- 93. Mitohy tsy misy fitsaharany ny fanitsakitsahany ny Lalàmpanorenana, ka izay havoaky ny vavany rehetra dia lalàna velona tsy maintsy hampiharina, tsy misy mandalo eny amin'ny Antenimiera roa tonta ho laniana, sy eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana hamarinina na mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana izany. Efa fantatra moa fa tsy manana ny maha Andrim-panjakana manana ny fahefana handany izany intsony ny Antenimieram-pirenena taorian'ny nanimbaziban-dRajoelina Andry azy teny amin'ny foiben'ny antokony. Raha ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana indray dia fianakavian'ny manampahefana ambony ao amin'ny fitondrana daholo ny mpikambana ao. Tsy mahagaga intsony raha tsy misy mandeha amin'ny laoniny ny fitantanana ny Firenena. Tsy misy fiheverana mihitsy ny momba ireo kaominina 20 mahery tsy mbola manana Ben'ny Tanàna sy Mpanolotsaina kaominaly, kanefa tsy manan-kolazaina ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana manoloana izany. Hametraka Faritra faha-24 indray hono Rajoelina Andry kanefa ny Faritra aza tsy olomboafidy, lehiben'ny Faritra no mitantana izany, fa governora izay tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana kanefa eken'ity Andrim-panjakana ity. Araka izany dia toy ny Sampan-draharaham-panjakana any amin'ny Faritra (Service Technique Déconcentré) ny Faritra fa tsy Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana (Collectivité Territoriale Décentralisée). Eo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana ihany dia 93 andro sisa tavela dia tsy maintsy mametra-pialàna Rajoelina Andry kanefa dia tsy mbola mipetraka amin'ny maha Filoha Lefitra faha-fito ao amin'ny Antenimieram-pirenena ny mpanohitra, izay heverina fa izy ihany no manome baiko tsy hanatanterahana izany, satria raha ny fifandraisana eo aminy sy ity Andrim-panjakana ity no jerena dia mitombona tsy azo lavina izany. Fananam-pirenena na fananam-bahoaka ny Lalambim-pirenena sy ireo gara rehetra andalovan'izany kanefa dia nomena an-dRavatomanga Mamy ny gara etsy Soarano, izay anisan'ny vakoka tena azo lazaina fa reharehan'ny Renivohitr'i Madagasikara tokoa. Toy ireny fananan'ny fitondrana itony fotodrafitrasa itony, ka omena olona tsy vidina sy tsy ilaina anaovana tolobidy (Appel d'Offre), ka izay nanao tolotra be indrindra no nahazo azy. Na izany na tsy izany dia tsy azo atao ny zavatra toy izao, satria tsy fantatra na fanomezana na fivarotana ny fananam-pirenena no natao, ka midika famadihana Tanindrazana izany. Ny tena fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana ataon' izao fitondrana izao dia ny fanakantsakanana ny olompirenena tsy haneho hevitra sy hidina an-dàlambe hanoherana ny tsy rariny, sy tsy anekena iaina amin'izao fidangan'ny vidim-piainana izao. Voarakitra ao anaty Lalampanorenana izany fahalalahana izany kanefa misy administratera sivily milaza, fa azon'ny fitondrana atao ny manakana izany. Nolazainy koa fa afaka manao izany ny fitondrana na aiza na aiza ary na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona, satria anisan'ny andraikiny izany. Toa milaza ity administratera sivily ity, fa rehefa mamory olona eny ankalamanjana ny antoko politika na vondron'olona na fiarahamonim-pirenena dia tsy ho voafehy ny fihoaram-pefy. Manakana izany indrindra no andraikitry ny mpitandro ny filaminana, satria zo fototry ny olompirenena ny maneho hevitra, ka izay mihoa-pefy no samborina, fa tsy ny mpanao fihetsiketsehana. Ireny fanakantsakanana ny Filoha Ravalomanana Marc ireny dia tokony hanaovan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana fanamarihana sy fanakianana satria manana sata manokana izy, araka ity Lalàna fototra ity. Tsy mba mipitrapitra mampalahelo toy ireny olona mivarahontsan'ny tahotra (tahotra ny fifidianana) ireny ny mpitondra ankehitriny, fa mivandravandra mampatahotra ka vao maika handosiran'ny olona.

***Andry Tsiavalona***

**MPANOLOTSAINA KAOMININA FIANARANTSOA**

# Nogiazan'ny ben'ny tanàna tsy ara-drariny ny karamany

Nitory ny ben'ny tanànan'i Fianarantsoa amin'izao fotoana ny mpanolotsainan'ny kaominina iray Andriamatoa Maevah, izay Polisy Monisipaly, satria nogiazan'ny ben'ny tanàna ny karamany. Milaza ity mpanolotsain'ny kaominina ambonivohitra ao amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra ambony ity fa : « Police municipale nanomboka 2002, encadreur ny police municipale ny 2019, talohan'ny nilatsaka hofidiana ary lany tamin'ny anaran'ny antoko TIM. Araka ny article 260 de la loi organique num 2014-20 du 27/09/14 dia nanaovana arrêté de détachement niainga tamin'ny fangatahan'ny Prezidà ny conseiller ny 24 janoary 2020; arrêté voasonian'ny Maire ny 20 martsa 20209 ary nalefa tamin'ny district, ka nahazo conformité ny 06 oktobra 2020. Rehefa nilamina ireo antotantaratasy dia namoaka hatrany ny bon d caisse-ko ny Trésor, ary mamomjy ny adidy amandraharaha ao amin'ny filankevitra aho .




*Andriamatoa Maevah, Polisy Monisipaly, Mpanolotsaina Monisipalin'ny kaominina Fianarantsoa.*

Nanomboka ny febroary 2023 dia nasain'ny Maire nalefan'ny service finance any aminy ny bon de caisse-ko, ka 4 no any izao dia ny karama volana aprily, jona, jolay 2022, satria moa misy fahatarana ny fandoava-karama eto. Nanao fangatahana ordonnance tamin'ny Presidente TPI Fianar ny 06 martsa 2023, ka azo ny 02 mey 2023, nanao ny asany ny vaditany ny 16 mey 2023, ka nahazo valiny ny 30 mey 2023 maraina. Nametraka ny fitoriana amin'ny fampanoavana ny 30 mey 2023 folakandro rehefa tsy azo ny bon de caisse. Raha nisy ny olana momba ny situation manokana dia vao nanomboka dia tokony nitondra ny raharaha tamin'ny Tribunal Administratif ny Maire fa tsy efa amin'ny fahatapeof ran'ny mandat. Mazava fa resaka politika no mahatonga izao fanagiazana izao, ka hanairana ny sain'ny tompon'andraikitra. »

***Nangonin'Isambilo***

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Fetim-pirenena ho avy Misy ny manangana saina fotsy



**Patrick Raharimanana :** hita tany ho any, tsy maro raha koragniny, misy manangana saina fotsy.
**Tina Rossin :** marigna zala ay, resy ny gasy @jaly tafahoatra ty.
**David Halday :** misy no tonga saina.
**Martin Gilbert Lemard :** Jirama drapeau blanc, jaly mitete, kapoakam-bary,…
K'haz Taytch Gasikarako : ary lasa mety hihitatra be io.
**Mei Andriantsoa :** mijaly ny gasy.
**Patricia Randriantiana :** loza ity ry JIRAMATY fa manangana drapeau blanc mihintsy ny gasy.
**Mamy Ranavoson :** mampalahelo kanefa marina.
Nanahary Sebastienne Chantal : kkkk !
**Rakotomalala Victorine :** indrisy ry tanindrazako.
**Radoson Rakotoarivelo :** tony lay manantena Mana sy papelika avy any Andanitra zao.
**Weather Spoon :** Radoson Rakotoarivelo : olona mbola manana ny tranony honenany ireo, donc manana ny fivelomany. Fa mety ho fanehoana Firaisan-kina amin'ireo izay mitsindroka Zaoridira miaraka amin'ny alika, sy ireo matory ambany Tunnel, na ireo matory mitafo lanitra izay mitombo andro aman'alina. Ireo tsy mahita hanin-kohanina intsony, tsy mahavelon-tena intsony noho ny fahanterana sy ny fahosàna, tsy fahafahana mitsabo tena intsony, tsy mahatakatra ny vidin'ny ppn intsony. Mandry fotsy, no tena antony anaovany an'izao.
Jornadhino Razafindranaivo : tongava saina ianareo mpitondra fa zao ny zava misy.
**Seraphin Raminoson :** ce drapeau correspond vraiment à la réalité du pays actuel.
**Baban'i Jao :** mahereza daholo.
**Arisoa Naina Rakoto :** tena resy tanteraka ve ?
**Heritiana Razanakoto :** Arisoa Naina Rakoto : tsy voatery hoe resy tanteraka akory ny fananganana an'io, fa entina ampisainana ireo tokony ho hiantefan'zany.
**Véro Les-vezos :** mbo ts nisy tanaty 60 tao !
**Zakaria Andrianjatovo :** izao kosa tsy mampihinana gagazo ko !
**Marie France La Lionne :** valaky gn'olo !
**Marius Ramilijaona :** efa mandohalika ny ankamaroan'ny olona.
**Tony Randriamanga :** tena resy ny gasy lety e !
**Priano Rfk :** ekeko mafy ny fiainana, fa saingy tsy hanangana saina fotsy aho mandrakizay. Tsy olona resy akory aho.
**Gino Rahaniraka :** fanehoana ny tsy fahombiazan'ny mpitondra koa ny fananganana io saina fotsy io., nefa mbola tsy hita aloha hatreto ny atao.

## TONONKALO

### MBOLA TSISY TOY IZAO

Mihamaizina hatrany ny tontolo izay jerena.
Maka toerana ny ratsy , potika ny firenena.
Mihamanjombona ny lanitra , toy ny novesaran-tsaona.
Mbola tsisy toy izao nandritry ny 60 taona !

Tsy mikaton-dohamalemy no miseho ho tompondaka,
Ka dia fitaka sy lainga no efa tena miorim-paka.
Ny mavoroka sy maimbo no indreo fa tafahaona.
Mbola tsisy toy izao nandritry ny 60 taona !

Tena tsisy vahaolana azo ambara ho mateza ,
Fa ny hita ho mibahana dia ny fiarovan-tseza .
Malagasy tena resy no efa indreo minaonaona .
Mbola tsisy toy izao nandritry ny 60 taona !

Tsisy zavatra namiratra tamin' « iny lalana iny » !
Fitondrana lo tanteraka , izay no misy ankehitriny .
Rangolahy hitelina azy sisa andrasana higaona .
Mbola tsisy toy izao nandritry ny 60 taona !

***DADAN'i RIANA (07-06-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, LW

Tanora TIM Kaominina Andranofotsy distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo, nanentana mahakasika ny lisi-pifidianana.






Ankizy miisa 103 no vita forazaza mamaimpoana tany Ambalavao faritra Matsiatra Ambony, nataon'ny TIM Fianarantsoa notarihan'i Dr Elysée Zanabahoaka.









Natao ny talata teo ny fifidianana ny birao DISTIM tao Maroantsetra faritra Analanjirofo, ka ny ben'ny tanàna TIM teo aloha Befo Florent, no lany ho filoha mitarika izany.






## NY TENY FIAINANA

*"Fa ny fahadalan'Andriamanitra dia hendry noho ny olona; ary ny fahalemen'Andriamanitra mahery noho ny olona."*
***I Korintiana 1:25***

BAOLINA KITRA AN-TSEKOLY

# Eto amintsika ny tompon'andraikitry avy amin'ny FIFA

Mandalo eto amintsika ankehitriny ny tompon'andraikitra avy amin'ny FIFA mahakasika ny baolina kitra an-tsekoly, Ramatoa Fatimata, izay mamita iraka manokana eto Madagasikara. Tonga nitsidika tamin' ny fomba ofisialy ny Ministry ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy teny amin'ny birao fiasany eny Ambohijarovo niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny FMF "Federasiona Malagasy de Football" ity iraky ny FIFA ity tamin'ny alatsinainy lasa teo. Nivoitra tamin' izany ny filazana fa : «mampiseho ny fisian'ny fiaraha-miasa sy ny fifampitokisana mipetraka eo amin'ny FIFA sy i Madagasikara izao fitsidihana manokana ny tompon'andraikitra voalohany ny fanatanjahantena Malagasy izao ». Marihana fa notanterahana tamin'ny talata 6 sy omaly alarobia 7 jona 2023 ny fiofanana mahakasika ny baolina kitra an-tsekoly ho an'ireo mpise- hatra ary anio alakamisy 8 jona 2023 kosa, no hanatanterahana ny lanonana ofisialy ho fanombohana ny fifaninanana baolina kitra an-tsekoly na ny « Football for School », izay hotanterahana eto Antananarivo.

**Rainilita**



*Fitsidihana teny Ambohijatovo.*

Telma Coupe de Madagascar 2023

# Amin'ny sabotsy sy alahady ny dingana savaranonando 3

Ho tontosaina amin'ny sabotsy 10 sy alahady 11 jona 2023 ho avy izao, ny dingana savaranonando 3 amin'ny fifaninanana baolina kitra "Telma Coupe de Madagascar 2023". Fandaharan-dalao harahina amin'izany : Sabotsy 10 jona 2023 10:00-Fc Viva Analamanga # Cffa Espoir Analamanga (Antananarivo), 12:00-Us Pro Analamanga # Boriziny Formation Sofia (Antananarivo), 14:00-Fckb Boeny # As Justice Sofia (Mahajanga), Alahady 11 jona 2023 09:00-Toulon Académie Analamanga # Fc Rouge Analamanga (Antananarivo), 11:00-Net Foot Analamanga # As Fanalamanga D1 Alaotra Mangoro (Antananarivo), 13:00-Ffam Analamanga # Sphinx Vakinankaratra (Antananarivo), 14:00-Fomela Club Matsiatra Ambony # As 3a Amoron'i Mania (Ambalavao), 14:00-Fca Alaotra Mangoro # Ct Tfc Analamanga (Ambatondrazaka), 14:00-Va Akademia Alaotra Mangoro # Kinga Sport Analamanga (Ambatondrazaka), 14:00-Fc Amoron'i Mania Amoron'i Mania # Réseaux Fort V7V (Ambositra), 14:00-As Comato Atsimo Andrefana # Fc Ilakaka Ihorombe (Toliara), 14:00-Kakambary Analanjirofo # Ajeset (Fenerive Est), 14:00-Fc Landric Sava # Sirama Diana (Antalaha), 14:00-Mangarono Fc Atsinanana # Fc Mahavatsy Analanjirofo (Toamasina), 14:00-Fc Mapaci Atsimo Atsinanana # Asjm Androy (Androy), 14:00-Jet Bongolava # Effca Mi 20 Fc Analamanga (Tsiroanomandidy).

**Rainilita**



*Telma Coupe de Madagascar 2023.*

Festival des Rugbys 2023

# Hangotraka indray eny amin'ny kianja Makis

Hangotraka indray eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka amin'ny alahady 11 jona 2023 ho avy izao, fotoana hanatanterahana ny hetsika « Festival des Rugbys 2023 », izay ho karakarain'ny Ambasadin'i Frantsa eto Madagasikara, miaraka amin'ny Malagasy Rugby sy ny « Comité du Rugby de La Réunion » ary ny fikambanana « Terres en Mêllées » miaraka amin' ireo mpiara miombon'antoka sy mpanohana ny taranja rugby malagasy mahazatra toy ny Société Générale Madagascar, ny Telma, ny Région Réunion, Rcts ary ny Star Madagascar. Ho eo ambany fiahian'ny MJS « Ministère de la Jeunesse et des Sports Malagasy» ity hetsika ity. Marihana fa hatao indrindra ho fanomanana ny "Coupe du Monde de Rugby" hatao any Frantsa tsy ho ela ny « Festival des Rugbys 2023 ». Ankoatra ny fanetsiketsehana maro hatao eny amin'ity kianja Makis Andohatapenaka ity dia fantaro fa hanomboka amin'ny 10ora 30 maraina ny tena hetsika, ka hiditra maimaimpoana ny ankizy latsaky ny 12 taona fa ny 12 no mihoatra kosa handoa 1000 ar ary ny lehibe 3000 ar. Fandaharam-potoana amin' io alahady io : 10:30-"Match Pro" : FTM Manjakaray # TAM Anosibe (rugby à XV masculin), 12:00-"Démonstration de tous les Rugbys " : Barabarians : Rcts – Anciens Makis (rugby à XV masculin), Benjamins : 8 équipes d'Antananarivo : 3Fai, Jca, Tmaa, Vtma, Usa, Ajs Mada, Akamasoa, Lft (rugby à VII mixte), Minimes : 4 équi-pes de Madagascar : Les Enfants de l'Ovale, Rcts, Ligue de Tamatave, Jsm (ruby à VII mixte), Juniors : « Terres en Mêlées Tulear »/Usa (rugby à VII masculin), Juniors : « Terres en Mêlées Tulear »/Uasc (rugby à VII féminin), 14:30-« Match de Gala » (hommes) : Makis Madagascar # La Réunion France.

**Rainilita**


*« Festival des Rugbys 2023 ».*

## Sakafo Ny Valosoa



**Varanga ritra, na nofon-kenomby nandrahoina malemy,** avy eo nosiratsirahana izany nofony izany. Ritina izany avy eo hahazoana ny varanga ritra. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ireo karazan-tsakafo manatsara ny fitadidiana



Ireo karazan-tsakafo manatsara ny fitadidiana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Ireto avy ary ireo singa ilain'ny atidoha hampiasa faingana azy sy ireo sakafo mitondra izany :
Omega 3: avocat, noix, huile d'olive, huile de colza, atody, saumon, sardine, voam-boatavo maina.
Antioxydants : legioma maitso misy raviny, fraise, framboise.
Vitamine B1: atody, noix, henakisoa, haricots noirs.
Vitamine B6: foie (atikena), ovy, akoho, tsiasisa, thon, voanjo.
Vitamine B9: taovan'akoho, soja, voamaina, epinards.
Vitamine B12: ronono sy ny vokatra avy aminy, atody, hena, vorona
Fer : hena mena, taovakena, legioma maintso, voamaina, voamboatavo maina
Ho fanampiny dia araho ireto :
sakafo 3 + gouter 2 isanandro.
rano 2 litra isanandro.
trondro 2 isakerinandro farafahakeliny.
huile d'olive ampiasaina.
yaourt, ronono soja, voankazo miloko mena, ary ny noix aza adino.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Mahela distrikan'Antanambao Manampontsy faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Mahela distrikan'Antanambao Manampontsy faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Mahela ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina 5 mandrafitra ny distrikan'Antanambao Manampontsy. Tanàna mbola mitoka-monina izy noho ny faharatsian'ny lalana. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny voankazo toy ny : letchi, ny manga, ny ampalibe. Ny hanin-kotrana toy ny mangahazo, ny vomanga.



Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Tsy maintsy ho areniny ny firenena

Anisan'ny manjaka sy mahazo vahana eto amin'ny firenena ny tsy rariny sy tsy hitsiny, ary mazava loatra ny fanosihosena ny fahamarinana. Maneho izany ny zava-misy hitam-bahoaka isan'andro vaky izao. Misy fiantraikany lalina amin'ny fiaraha-monina malagasy izany, ary miendrika fivilian-dalana mihitsy, indrindra rehefa mitodika any amin'ny tantaran'ity firenena ity tany amin'ny faha-mpanjaka tany. Fototry ny filaminana sy ny firindran'ny fiarahamonina malagasy fehizay izany fanajàna ny rariny sy ny hitsiny izany, izay ifamatorany amin'ny tena fihavanana maha malagasy sy ny firaisankina marina. Mikorosy fahana tanteraka izany rehetra izany ankehitriny ary mampilentika ny firenena toy izao.
Tsy maintsy arenina ny firenena, fa hananan-tsiny lehibe amin'ireo taranaka fara aman-dimby raha avela hitohy izao. Tsy ny tantara no hitsara, fa ireo taranaka ireo, ka izay taranaky ny tomponandraikitra ankehitriny nahatonga ny fahapotehan'ny firenena no ho sahirana hiara-monina amin'ny mpiara-belona eto raha tsy sanatria angaha handositra hiàla eto avokoa izy rehetra.
Mila averina sy hahazo laka ny fiarahamonina misy fiombonan'aina sy mampisy fiombonan'aina. Fiarahamonina tsy mifamaky vava, tsy mifanambaka, tsy mifampitsentsitra, fa mifanohana sy mifamelona, no hoezahina hapetraka eto manomboka izao hanarenana sy hananana firenena vanona. Asa tsy maintsy mila atomboka dieny izao izany, fa tsy asiana andraso andraso intsony, ka hahavery fotoana toy izay efa nitranga aman-taonany maro izay. Efa manao ny ezaka sy asa rehetra amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), izay fikambanana tsy manao politika sady tsy fiangonana. Tsy kivy ireo mpikambana ao aminy na dia efa nisy aza ireo sokajin'olona maro samihafa na avy amin'ny fanjakana na ivelany ary hatramin'ny olompiangonana nifampiresahana momba izany ka tsy mbola nisy vokany firy. Mbola tohizana ny ezaka satria adidy lehibe napetrak'Andriamanitra tamin' ny AFK izay natao ho fitaovana fotsiny ihany hanatanteraka ny vinany ho an'i Madagasikara ity izany. Ny AFK izay miantso ny olom-pirenena hijoro sy handray andraikitra hiara-hientana aminy ho amin'izany adidy lehibe eto amin'ny firenena izany. Fifandraisana 034 17 460 53.

*Aris*

Maître Gims eto Madagasikara

# Ho seho goavana sy hanara-penitra tokoa

Ho seho goavana sy hanara-penitra tokoa ny seho hatolotr'ilay mpanakanto iraisam-pirenena malaza, Gandhi Djuna na i Maître GIMS, araka ny fahafantaran'ny maro azy, izay ho tanterahina etsy amin'ny Kianjan'i Mahamasina amin'ny sabotsy 10 jona 2023 ho avy izao hanomboka amin'ny 6 ora hariva, ka hialohavan'ny fiakarana an-tsehatra hataon'ireo mpanakanto Malagasy miisa telo (Mr Sayda, Ceasar ary Nael). Tamin'ny alalan'ny fitafatafana tamin'ny mpanao gazety natao teny amin'ny Campus Telma Andraharo tamin'ny talata teo, no nilazan'ny solontenan'ity orinasa ity, fa manohana ny hetsika izy ireo, mba hanomezana tombon-dahiny an'ireo mpanakanto Malagasy hiaka-tsehatra hiaraka amin'ity kalaza eran-tany ity, sy hanomezana tombony manokana ihany koa an'ireo mpankafy an'i Maître GIMS. Tamin'ny alalan'ny rakintsary (Vidéo) kosa no nanamafisan'i Maître GIMS, fa tena ho avy eto Madagasikara tokoa izy amin' ity indray mitoraka ity, fa tsy toy ny tamin'ny volana novambra tamin'ny taona 2022 ary mampanantena seho miavaka sy hanatantara miaraka amin'ny mpijery Malagasy. Nambaran'ny solontenan'ny Price Event mpikarakara ny hetsika teny Andraharo, fa ho raitra dia ho raitra ny fikarakarana, ny lafiny feo, ny eo amin'ny hazavana ary ny filaminana (sécurité) sy ny "parking" ary dia hisy sakafo maivana hamidy ihany koa. Azo vidiana mialoha amin'ny "Ticket place" na M-Vola ny tapakila fidirana, ka raha mividy tapakila iray amin'ity farany dia hahazo tapakila iray maimaimpoana. Misy karazany 4 be izao ny tapakila fidirana (tapakila tsotra, tapakila Sylver, tapakila VIP ary ny tapakila Fun Zône), ka ho afa-po ny rehetra hanaraka ny seho, satria hisy "écran géant" maromaro azo hijerena an'izany.



*Fitafatafana tamin'ny mpanao gazety teny Andraharo.*

*Rainilita*

Rajaonarison Gallie sy Christian Finoana

# Samy tafavoaka ho "Champion" avokoa teo amin'ny Karaté-Do

Samy tafavoaka ho "Champion" avokoa teo amin'ny Karaté-Do, na Rajanarison Gallie reniny, na Rajaonarison Christian Finoana, tamin'ny fifaninanana karaté-do natao tetsy amin'ny lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina, tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo. I Sensei Rajaonarison Gallie "CN 4 ème DAN"izay feno 50 taona amin'ity 2023 ity dia 33 taona nanaovana Karaté-do tao amin'ny club Akka Tsaralalàna ary mampianatra Karaté-do ao amin'ny klioban'ny Akka Avaradrano, sy ao amin'ny klioba karaté Akka Mahitsy ihany koa ankehitriny dia nivoaka ho « Championne Vétéran + 45 ans » . Rajaonarison Christian Finoana zanany kosa izay "CN 1 er DAN" dia tafavoaka ho "Champion Coupe Samy Jao Mahajanga » sy «Champion Sénior – 60kg tamin'ny faran'ny herinandro teo. Ny mpitantana ao amin'ireo klioba karaté voatonona ireo dia manentana an' ireo « ancien » sy « ancienne » amin'ny Karaté-Do, mba hanohy hatrany ny fanazaran-tena sy ny fampianarana ireo taranaka aty aoriana.



*Christian Finoana sy Gallie reniny.*

*Rainilita*

Sarimihetsika

# Nivoaka omaly «Lemazoto 2»

Masaka ny nahandro ho an'ny tranom-pamokarana « Akartis prod ». Omaly no nivoaka manerana ny Nosy amin'ny endriny kapila mangirana « DVD » sy clé Usb ny sarimihetsika andiany faharoa novokarin'izy ireo « Lemazoto 2».
Mampiavaka azy ity, hoy Andriamifidy Heriniaina Sitraka, avy ao amin'ny Akartis prod » ny ezaka goavana natao, mba hampiainana bebe kokoa ny tantara ho an' ireo mpanjifa. Tsy nisy namboamboarina na narafitra avy amin'ny fampiasana ireo fitaovana ara-teknolojia, araka izany, ireo fihetsika somary mahery sehatra sy feno fahasahiana anatin'ny « Lemazoto 2 », fa dia nolalaovina tanteraka, araka izay, fisehony. Tombony ho an'ny Akartis prod » rahateo ary nahafahan'izy ireo nanao izany ny maha mpikirakira sy mpisehatra amin' ny haiady an'i Sitraka izay mpilalao fototry ny tantara. Ahatsapana ireo fihetseham-po maroloko toy ny alahelo, hafaliana, sns... Hibahana kokoa anefa ny lafiny fampihomehezana ao anatin'ny tantara « Lemazoto 2 », izay lalaovin'ireo efa fanta-daza amin'ny sarimihetsika malagasy toa an'i Akomba mazoto, Katsaka, Loulou, Jean Adriano, Ndretsa, sns… ary ny mpanakanto Tence mena.
Raha fintinina, maneho ny endrim-piainana mety ho tojo ny isam-batan'olona eny anivom-piaraha-monina ny « Lemazoto 2 » ary hafatra mafonja raiketiny, ny tsy maintsy hiatrehana am-pitoniana ny fiainana anatin'ny finoana sy ny fanantenana hatrany. Handimby ny « Lemazoto 2 » ny hivoahan'ny tantara « Misao-bady » tsy ho ela ihany koa ho an'ny Akartis prod ».



*Ny « Lemazoto 2 » sahaza ny rehetra.*

*Lalasoa Razafindrakoto*

Judo European Cup 2023

# Tany amin'ny laharana faha-5 i Laura Rasoanaivo

Tany amin'ny laharana faha-5 no tazana i Laura Rasoanaivo, tamin'ny fiadiana ny amboaran'i Eropa notontosaina tany Prague. Resin'ilay Ukrainiana Videneieva izy taorian'ny lalao famaranana Bronze. Teo amin'ny dingana voalohan'ny fifaninanana dia nandresy an'ilay teratany Tchèque, Zarybnick izy ary resy kosa teo amin' ny dingana faharoa nifanandrinany tamin'ilay Ukrainiana iray, ka niverina nanao rêpechages, nanilika an'ilay Holandey Swinkels sy ilay Allemand Hebert ary dia io tafita niatrika ny famaranana Bronze io. Afaka herinandro dia hiatrika ny fifaninanana "Open Senior de Madrid" indray Laura. Marihana fa ity volana jona ity dia natokana ho an'ny fifaninanana sy ny lasy fanofanana hoan' i Laura, mba hikendreny ny hanakarana ny haavo lenta Eoropeana, ... ary hahazoany miomana tsara amin'ny hetsika lehibe manaraka amin'ity taompilalaovana ity.

*Rainilita*



*Laura Rasoanaivo tany Prague.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**13/05/2023 hatramin'ny 20/05/2023**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1442-06-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Hazovato Forello Expo

# Manosika ny mpandray anjara ho matihanina ny hetsika ara-barotra karakarainy

Nanome fiofanana maimaimpoana ho an'ireo mpandray anjara mikasika ny fahaizana mivarotra, ny mpikambana ao amin'ny Hazovato Forello nanomboka ny alarobia maraina teo tetsy amin'ny « Forello Expo » Tanjombato ary niezaka nampahalala an' ireto farany ny zavatra tokony ho fantatra, momba ireo hetsika ara-barotra izay karakarain'ny « Hazovato Forello Expo », ao anatin'izany ny « Salon de l'agriculture et de l'élevage et de la pèche » ; « Salon de transport et de la logistique de la maintenance » ; « Salon de l'habitat », izay hotanterahina hanomboka ny volana Septambra 2023, ka hatramin'ny volana Novambra 2023 ho avy izao. Nilaza Ramatoa Ramanantsoa Harilala tompon'andraikitry ny serasera ao amin'ny « Hazovato Forello Expo », fa hetsika ara-barotra natokana ho an'ny matihanina avokoa ireo «Salon» izay karakarain'ny « Hazovato Forello », mba hahafahan'ny mpandray anjara manatanteraka ny « Promotion » amin'ny vokatra sy ny tolotr'asa izay ananany eo amin'ny sehatry ny fambolena ; ny fiompiana ; ny jono; ny toeram-ponenana ; ny fitaterana. Nanamafy Ramatoa Ramanantsoa Harilala, fa hanome sehatra ny mpandraharaha matihanina sy ny mpandraharaha madinika ary ireo mpandraharaha efa manana ny lazany amin'ny sehatr'asa misy azy avy, ireo hetsika ara-barotra izay karakarain'ny « Hazovato Forello Expo » ary hanome vahana an'ireo mpiara- miasa avy amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy ny Ranomasim-be Indianina, mba hivelatra bebe kokoa ny seha-pihariana izay imatematesan'ny mpandray anjara. Nanohy fanazavana ny tompon'andraikitry ny serasera eo anivon'ny « Hazovato Forello Expo », fa manampy ny mpandraharaha mampiakatra ny « Chiffre d'affaire » ny fandraisana anjara amin'ireo hetsika ara-barotra ireo, satria betsaka ireo solontenan'ny firenena avy any ivelany mitsidika ny « Salon ». Tsiahivina fa afaka mampiantrano tranoeva misa 400 ny toerana « Hazovato Forello Expo » etsy Tanjombato, no sady mampiasa rianaratra avy amin'ny masoandro. Manana tombony ny mpandray anjara amin'ireo hetsika ara-barotra izay iandreketan'ny « Hazovato Forello », satria fotoana iray ahafahan'ny mpandraharaha mampahafantatra ny fisiany sy ny fahaiza-manaony manoloana ny fifaninanana ara-barotra sy ny fiovaovan'ny tsena noho ny fiakaran'ny vidim-piainana ny fandraisana anajara amin'ny « Salon » tahaka izao.




*Fanazavana momba ireo Salon raisin'ny Hazovato Forello Expo.*

***Franck Razakambelo***

### Nosy Ste Marie Madagasikara

# Raikitra indray ny « Festival des baleines »

Noho ny fihanaky ny tsimokaretina Covid-19 teto amintsika dia 3 taona izao no tsy nisy ny hetsika « Festival des baleines », tontosaina toy ny mahazatra any amin'ny Nosy Ste Marie Madagasikara na Nosy Boraha faritra Analanjirofo, ka amin'ity taona 2023 ity dia raikitra indray io hetsika io, izay miditra amin'ny andiany faha-6 ankehitriny. Amin'ny 15 ka hatramin'ny 23 jolay 2023 ho avy izao, no hanatanterahana an'ity hetsika ity, ka ny "Projet festival baleines" miaraka amin'ny Orinasa Telma sy ny sampana M'Balik ao aminy no mikarakara azy. Amin'ny maha-"festival" azy dia hisy ny Carnaval lehibe mamanikavaky ny tanàna amin'ny fiandohana sy fiafaran'ny hetsika, fa hisongadina indrindra kosa ny fijerena mivantana an'ireo trozona na "baleines", izay mamonjy ny tany mafana any amin'ny ranomasin'i Ste Marie isan-taona amin'ny fotoana hiterahan'izy ireo (misy ny manam-pahaizana manokana hifehy ny fijerena an'ireo biby ireo am-pitoniana). Ankoatra izay dia homena lanja ihany koa ny resaka fety amin'ity hetsika ity sy ny "animations culturelles", ka hisy araka izany ny seho an-tsehatra hiseharan'ireo mpanakanto malaza eto Madagasikara sy avy any an-toerana. Eo amin'ny fifaninanana ara-panatanjahantena dia hisongadina ny lalao "beach soccer", "rugby soccer" sokajy lahy sy vavy ary ny taranja "Golf baleine". Hisy ny "voyage organisé" homanin'ny mpikarakara hankafizana ny hakanton'ny Nosy Ste Marie, sady fialan-tsasatra rahateo ny andro. Mbola teny amin'ny Campus Telma Andraharo nitafatafan'ny mpikarakara sy Telma tamin'ny mpanao gazety ny zoma teo, nampahafantarana koa, fa hisy ny fampisehoana sy fivarotan'ny Telma ny tolotra M'Balik mandritra an'ity hetsika ity.





*Festival des baleines 6è édition.*

***Rainilita***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 434**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0433)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Paraky | - Tatitra | - Poketra | - Kanety |
| - Olona – Zn | - Ray – In | - Alàna | - Roa (miv) |
| - Kavinao | - Vata (miv) – Tao | - Rovitra | - Zo – Aia |
| - Eny – Eo | | - Any – Vay (miv) | - RN – Vono |

## TENY MIFANAPAKA N° 434




**Mitsivalana**

**1.** Fitsinjovana **2.** Fiantsoana anao **3.** Isa omena amin'ny taranja – Oroka (miv) **4.** Fiandohan'ny lisitra – Loza mitatao **5.** Foto-tenin'ny mandroaka – Fanao amin'ny laika (BR) **6.** Sintona **7.** Nitady valiny mazava **8.** Karazana vato – Masindahy **9.** Tsy ara-potoana (miv) – Mampisafidy **10.** Azo amin'ny vary (miv) – Hazo fandrehitra

**Mitsangana**

**A.** Kilalaon-tsaina **B.** Tsirin-teny Iharana – Miaraka amin'ny basy (miv) **D.**Tanàna malaza **E.** Lalao fanatanjahan-tena (miv) – Malaina (miv) **F.** Loham-pianakaviana – Efa simba, haolo (miv) **G.** Anaty rano – Solfa (miv) **H.** Firinga - Tsy mendrika **I.** Mpanondro – Nahitana (miv) – Hita ao amin'ny vata **J.** Karazana fitafiana (miv) **K.** Lazaina mazava – Diky

### Valiny Teny mifanaraka 0433

**Mitsivalana**

**1.**Sambava - Lo **2.** Ovaina - Hao (miv) **3.** Ro(taka) - Soraty **4.** Atsinanana **5.** Ta - Koto - GR **6.** Antitra - Ao **7.** Na - Liana **8.** Mey (miv) - Aloa **9.** Lot(o) - Ana **10.** Lahatra - Sa


**Mitsangana**

**A** Soratana **B.** Avotana - La **D.** Ma - Hoy (miv) **E.** Bisikileta **F.** Mitonona (miv) **G.**Varatra - Ar **H.** Anoanana **I.** Ota - Ala **J.** Lainga **K.** OH - Arodana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, LW

**Ny birao politika sy ny depiote TIM, nampiseho ny mpanao gazety, ny fanamboarana ny toerana handraisana ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM eny amin'ny Magro Tanjombato ny 1 jolay ho avy izao.**















**Tanora TIM Kaominina Andranofotsy distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo, nanentana mahakasika ny lisi-pifidianana.**



